# “ Ny Hataka sy ny fitalahoana dia fanompoam-pivavahana

Tatitra azo avy tamin'i No’màny ibn Bashìr (R.A) niteny : izaho nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “ Ny Hataka sy ny fitalahoana dia fanompoam-pivavahana”, ary namaky Izy nanao hoe : “ Ary hoy ny Tomponareo nanao hoe : ‘Antsoy Aho, fa dia hovaliako Ianareo, eny, ireo izay manao tsinontsinona ny fanompoana Ahy dia hiditra amin’ny helo amin’ny henatra.’” [Ghafir: 60].

[Mari-pototra] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì, Ibn Màjah ary Ahmad]

Nambaran'ny Mpaminany (S.A.W) Amintsika fa ny fanompoam-pivavahana ny fitalahoana manao Hataka Douàn, ka tsy maintsy atao amin'ny Fo rehetra amin'i Tompo Allah, na fitalahoana izany na koa fangatahana , ny mangataka amin'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha izay mahasoa Azy sy manalavitra Azy amin’ny fiainana eto An-tany na any A-nkoatra, na ny fitalahoana amin’ny fanompoam-pivavahana, izay zavatra rehetra Tian’i Tompo Allah sy Ankasitrahan’i Tompo Allah amin’ny teny sy ny fihetsika mibaribary na miafina, na Ara-fo, na Ara-batana, na Ara-bola izany dia mety avokoa. Avy eo ny Mpaminany (S.A.W) dia nanome ireo Porofo rehetra momba izany rehefa Nilaza Izy ka nanao hoe : Hoy i Tompo Allah manao hoe : { Antsoy Aho fa hamaly Anareo. Fa izay mirehareha tsy hanompo Ahy, dia hiditra any amin'ny Afobe tsy ho ela, feno fahafahambaraka }

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5496